

Commission Electorale Nationale Indépendante



LAHATENIN'NY FILOHAN'NY VAOMIERAM-PIRENENA MAHALEOTENA MISAHANA NY FIFIDIANANA NANDRITRA SEHATRA IFAMPIDINIHANA TEO AMIN'NY CENI SY IREO MPISEHATRA REHETRA AMIN'NY CENI.

ALAROBIA 13 JONA 2018

(“Hôtel-Restaurant LE PAVE Antaninarenina”)

- Ianareo mpikambana ato amin'ny Birao Maharitry ny CENI
- Ianareo tompon'andraikitra politika rehetra
- Ianareo avy ao amin'ny fiarahamonim-pirenena
- Ianareo mpiara-miasa

Tompokolahy sy tompokovavy

Ny voalohan-teninay dia faly miarahaba antsika mianakavy, tonga eto amin'ity toerana ity, ahafahantsika midinika, mifanakalo hevitra, amin'ny mahasoana ny zotram-pifidianana eto Madagasikara. Koa amim-pitiavana ary no hiarahabanay anareo, tonga soa eto amin'ity toerana ity androany.

Misaotra anareo ihany koa izahay, nahafoy fotoana, tonga manome voninahitra izao androany izao. Midika izany, fa zava-dehibe amintsika ny zotram-pifidianana sy ny raharaham-pirenena.

Ny fomba fiasan'ny CENI moa dia mifototra amin'ny toe-javatra roa lehibe:

- 1- Ny fahaizana mihaino ny besinimaro
- 2- Ny fanajàna ny lalàna

Ny fomba fihainoanay ny hevitra ny besinimaro, dia mbola mifototra ihany koa amin'ny toe-javatra anankiroa:

- 1- Ny fanaraha-maso isan'andro ny lazain'ny gazety sy ny haino aman-jery. Manana sampandraharaha manao izany izahay. Dinihinay amin'ny hatsipirihany ny lazain'ny gazety isan-tokony ary hangalanay tsoa-kevitra hitantanany ny zotram-pifidianana.
- 2- Najoro efa nandritra ny fotoana maharitra ihany koa, ny sehatra ifampidinihana tahaka izao, teto anivon'ny CENI foibe, ary tato anatin'ny volana vitsivitsy, eny anivon'ny Distrika rehetra manerana an'i Madagasikara.

Fakan-kevitra manamora ny fandraisana fanapahan-kevitra, eo anivon'ny CENI, ny sehatra toy itony, satria ny hevitra ny maro mahataka-davitra.

Ankoatran'izany moa dia, andry izay lehibe eo amin'ny fitantanana ny zotram-pifidianana ihany koa, ny fanajana ireo laàna manan-kery. Ary ny CENI dia mahaleo tena tanteraka, tsy manaiky baiko na avy aiza na avy aiza, fa ny lalàna sy ny lalàm-panorenana ihany no mibaiko azy.

Nifampitapatapaka teto isika tamin'ny faha 11 ny volana Mey lasa teo, niara-nitady ny mahasoana ny zotram-pifidianana. Nitaky isika tamin'izay ny hivoahan'ireo lalàna hifehezana ny fifidianana, ihany koa ny hazoana ny fitoniana eto amin'ny firenentsika. Nitsangana teto ami'ity toerana ity vokatr'izany ny tambanjotra anankiroa, nanamatra mpanao politika ankilany, sy fiarahamonim-pirenena andaniny, nieritreritra manodididna izany rehetra izany.

Samy efa nanatitra ny fehin-keviny teny amin'ny CENI ireo tambanjotra roa ireo. Ary nisy koa aza antokon'olona hafa nanatitra fehin-kevitra hitantanana ny zotram-pifidianana. Norisinay am-pitiavana, ary nodinihinay am-pitoniana avokoa, ireny fehin-kevitra ireny.

Nifanome fotoana isika tamin'ny faha 11 ny volana Mey, fa androany faha 13 ny volana Jona, no hanaovana fandinihina farany amin'ny fipetraky ny toe-draharaham-pirenena, mialoha ny handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny tetiandrom-pifidianana.

Mipetraka ary ny fanontanina, inona no zavatra niova nandritra izay iray volana mahery key izay?

- 1- Nivoaka ho manan-kery ireo lalàna hifehezana ny zotram-pifidianana.
- 2- Namoaka didy ny fitsarana avo mombana'ny lalàm-panorenana hampandrosoana ny fifidianana.
- 3- Tafatsangana ny governemanta vaovao.

Ireo no trangan-javatra niarahantsika niaina teto amin'ny tany sy ny firenena tato ho ato. Koa eo anatrehan'ireo trangan-javatra rehetra ireo ary, dia mihaino anareo izahay, manodidina izay mety hevitra ny tsirairay avy amintsika, amin'ny ho avin'ny zotram-pifidianana.

Ho fandaminana ary dia miangay izahay mba hanaja ireto toro-marika manaraka ireto isika eo amin'ny fandraisana fitenenana:

- 1- Ny fandraisana fitenenana dia manaraka ny laharana izay hozaraina amin'izay mangataka.
- 2- 3 mn no fetran'ny fandraisana fitenenana.
- 3- Malagasy isika ary hiezaka hatrany hanaja ny fihavanana sy ny fifanajana eo amin'ny fandraisana fitenenana.

Hezahintsika ihany koa ho ferana adiny roa ity fihaonana androany ity.

Misaotra antsika.